Izay mijanona amin'ny toerana iray avy eo niteny manao hoe : (An-oudhou Bikalimàtillahy-Tammàty min Sharry mà Khalaq) izay midika hoe : "Mangataka fiarovana amin'ny tenin'Allah tonga lafatra aho amin'ny faharatsian'ny zavatra noforoniny", dia tsy hisy hanisy ratsy azy mandra-pialany amin'izany toerany izany

Tatitra azo avy tamin'i Khawlat Binti Hakim As-Sulamya niteny : Izaho naheno an'ny Mpaminany (S.A.W) niteny manao hoe : "Izay mijanona amin'ny toerana iray avy eo niteny manao hoe : (An-oudhou Bikalimàtillahy-Tammàty min Sharry mà Khalaq) izay midika hoe : "Mangataka fiarovana amin'ny tenin'Allah tonga lafatra aho amin'ny faharatsian'ny zavatra noforoniny", dia tsy hisy hanisy ratsy azy mandra-pialany amin'izany toerany izany."

[Mari-pototra] [Notantaraiin'i Moslim]

Manoro làlana ireo vahoakany i Mpaminany (S.A.W), amin'ny fitadiavana fiaraovana sy fialofana mahasoa izay hahatonga ny olona rehetra tsy hatahotra rehefa mipetraka amin'ny toerana iray, na eo am-pandehana na any ami'ny fitsangatsanganana, na hafa ankoatr'izay : Mba hitady fiarovana sy fialofana amin'ny tenin'Allah izay feno fahasoavany sy ny fitahiana ary ny tombontsoany, tsy misy kilema sy ny tsy fahampiana amin'ny haratsian'ny zavaboary rehetra, dia ho voaro amin’ny zava-dratsy rehetra raha mbola mijanona amin'io toerana misy azy io.

http://www.sunnah.global/hadeeth/mg/show/5932